Olomangan'i Madagasikara (tohiny)

Andriamanantena Célestin dia mpanoratra sy mpanao gazety teraka tamin'ny 19 fevrie 1918 tao Antananarivo ary anisan'ny nanorina ny gazety *Hehy*. Mpikambana tao amin'ny Akademia Malagasy sy tao amin'ny Havatsa UPEM izy. Anisan'ny boky nosoratany ny hoe *Ramanongavato*, *Tritriva*, *Rajohary*, *Bitsiky ny maritiora* sy ny hafa tsy ho voatanisa. Araka ny fantatra dia efa nitety an'i Madagasikara am-bisikelety izy ary nitantara an-tsoratra momba izany. Maty tamin'ny 12 aprily 2002 tao Antananarivo izy.

Besson Louis dia Masoivoho lefitr'i Frantsa taty Fianarantsoa teraka tamin'ny 02 aprily 1855 ka tonga taty tamin'ny 24 jolay 1888 ary nijanona taty Bestsileo hatramin'ny taona 1894. Izy no nanorina ny lapan'ny Faritany eo Andohan'Antady ary voatendry ho goverinora frantsay voalohany teo Fianarantsoa taorian'ny fanombohan'ny fanjanahan-tany. Mpikambana tao amin'ny Akademia Malagasy izy ary nanoratra lahatsoratra maro mikasika ny Betsileo tao amin'ny Revio *Bulletin de la Société de Géographie*, *Notes Reconnaissances et Explorations, Revue de Madagascar, Le Journal Officiel de Madagascar*, *la Dépêche Coloniale* sy ny *Le Progrès de l'Imerina*. Misy milaza moa fa avy amin'ny anarany no naha Besoa ny kaominina ao Besoa Ambalavao. Maty tamin'ny 14 mey 1941 tany Fratsa izy.

Forgeot kosa dia kôlônely tao amin'ny tafika frantsay teraka tamin'ny 06 jolay 1879 tany Bussy Yonne Frantsa ka nilatsaka an-tsitrapo ho aty Madagasikara tamin'ny taona 1906. Izy no nanao ny fandinihana ara-teknika ny nanorenana ny Lalamby Fianarantsoa-Manakara tamin'ny taona 1921. Voatendry ho Talen'ny Asa Vaventy teto Madagasikara izy tamin'ny taona 1930. Nanoratra lahatsoratra maro tao amin'ny *Bulletin Economique de Madagascar* izy. Tamin'ny taona 1944 izy no nodimandry tany Frantsa.

Kuijk Van dia mpandraharaha holandey tonga niasa teto Madagasikara tao amin'ny orinasa STAR tamin'ny taona 1957. Izy no namorona na koa hoe rain'ny labiera THB na " Three Horses beer" izay noforoniny tamin'ny taona 1958 ka dia mbola manana ny maha izy azy mandrak'ankehitriny ary sotroin'ny mpankafy azy. Maty tamin'ny 18 septambra 1978 tao Antsirabe izy.

Lombardo Raoul dia Ben'ny tanàna lefitra voalohany teto Fianarantsoa teraka tamin'ny 09 septambra 1917, taorian'ny nandehanany nisotro ronono tao amin'ny frantsay azy. Mpnadraharaha koa izy ka nanangana ny kompaniam-pitanterana Betsileo Bus. Izy no niantoka manontolo ny fanorenana ny Ecole du Rova izay lasa sekoly fanabeazana fototra ankehitriny tamin'ny alalan'ny karama naha Ben'ny Tanana lefitra azy ka asa raha mba misy zavatra ampitondraina ny anarany eny ambony eny. Maty tami'ny 07 novambra 1985 teto Fianarantsoa izy.

Rajaonimaria dia Mpitandrina protestanta teraka tamin'ny taona 1857 tao Antananarivo ary niasa nampianatra tao amin'ny sekoly Ambalanjatovo talohan'ny nahavoatendry ho Evanjelistra azy tany Nasandratrony tamin'ny 09 jolay 1889. Tsy nanaiky ho akarin'ny mpanjanatany ho 10 voninahitra izy ka dia nakatona ny fiangonana nentiny. Voatendry ho mpitandrina tao amin'ny fiangonana Antarandolo Fitiavana izy taty aoriana. Anisan'ny nanoratra niaraka tamin'ny misionera anglisy ny tantaran'ny fiangonana LMS taty Betsileo izy no koa nandray anjara tamin'ny fanoratana tao amin'ny gazety *Teny Soa* sy ny hafa. Maty tamin'ny volana martsa 1947 teto Fianarantsoa izy. Misy mitondra ny anarany ny làlana eto an-drenivohitr'i Betsileo eto.

Razay Juliette kosa no Masera Malagasy voalohany mpikambana tao amin'ny St Joseph de Cluny. Teraka tamin'ny taona 15 jolay 1856 tao Antananarivo izy ka niasa tao Andohalo hatramin'ny nahafatesany tamin'ny 04 ôktôbra 1837 tao Antanananarivo ihany.

Razafindramanitra Antoine na i M.R. Razafy dia mpamoron-kira sy mpihira malaza teraka tamin'ny taona 1933. Maro ireo hira noforoniny no mbola manana ny maha izy azy mandrak'ankehitriny toy ny *Iny Lokon-danitra iny*, *Folo taona, Vazon'ny Tatsambo, Mariazy* sy ny sisa. Maty tamin'ny 08 desambra 1990 tao Antananarivo izy.

Zafimahova Norbert dia mpanao pôlitika teraka tamin'ny 13 jion a 1913 tao Farafangana. Mpanolotsaim-paritany teto Fianarantsoa izy no sady filohan'ny Antenimiera natao hanangana ny Lalam-panorenan'ny Repoblika Malagasy vao hitsangana tamin'ny taona 1958 ary dia filohann'ny Antenimieram-pirenena tamin'ny taona 1958-1959. Izy no nanorina ny antoko *Union des Démocrates*

Sociaux de Magagascar sy ny antoko *Manjaka Vahoaka* taty aoriana tamin’ny taona 1962. Nodimandry tamin’ny 04 aprily 1974 tao Farafangana izy.

Profesora Henri Rasamoelina

(hitohy)